


# NY FETIN'NY RENY

 . . . tabernakla, no fivavako. Faly tokoa aho izao maraina izao, ny mahita ny fandrosoana ara-panahin'ity tabernakla ity, ary ahoana fa, ilay takelaka ao ivelany ao, vonona ny hanorina fiangonana iray vaovao izy ireo ankehitriny. Heveriko fa ilaina izany. Ary mahita fa aorian'ny . . . raha maharitra ny Tompo Jesosy, aorian'ny hahalasanantsika, izy ireo dia hanana . . . tsy maintsy hanana iray handehanana any am-piangonana ireo zanatsika. Ary tiantika ny “hiady mafy ho an'ilay Finoana izay voatolotra indray mandeha ho an'ireo olo-masina.” Heveriko fa zavatra tsara iray izany.

<sup>2</sup> Ary raha vao niditra fotsiny aho, fotoana vitsy lasa izay, mba hanampy an'ireo fijoroana vavolombelona maro izay efa nomena mikasika ny fanasitranana, tamin'ireo fivoriana vitsy farany, teto amin'ny tabernakla teto. Manao antontany tsy ankitsahatra izy ireo, an'ny fanasitranana, fanasitranana lehibe mahagaga.

<sup>3</sup> Navelako tany ivelany ny vadiko, vao izao, sy ireo ankizy tao—tao am-baravarana; ary nisy anabavy iray, mipetraka manatrika ankehitriny, tena nientanentana mihitsy hany ka niantsoantso izy, nohon'ny fahagagana iray lehibe izay niseho tamin'ny zafikeliny lahy, tany, heveriko, tany Chattanooga. Rtoa. Nash, eto, ory tamin'ny fahoriana iray ny zafikelinao, ka tamin'ny fivoriana farany teto, ny Tompo Jesosy, heveriko, no niantso azy, ka nanao hoe, “HOY NY TOMPO HOE, izany, lasa ilay izy. Ary ho salama izy.” Ary ara-dalàna sy salama tanteraka ilay ankizy kely, salama tsara arak'izay maha-izy azy.

Ary izany dia—mampiantanentana izany, nandre an'ireo fijoroana vavolombelona ianareo.

<sup>4</sup> Ary avy eo dia zazalahy tanora iray, izay manatrika ihany koa, no nangataka vavaka ho an-Rtoa. Stotts, izay vao avy nandalo fandidiana iray. Ary ny tombontsoan'izy ireo; hitanareo, raha tsy misy olona mila anay hivavaka ho azy ireo, nahoana ny . . . izany no maneho, raha mbola miezaka foana ianareo, ny olona dia mila anareo hivavaka ho azy ireo, amin'izay fotoana izay ireo, dia tombontsoa iray, hitanareo. Matetika dia lasa tena mampahatahotra ilay izy, hany ka . . . tsy mampahatahotra, fa tena maro, ka tsy maintsy mandositra any ho any ianareo ary manatrika ny lohanareo, sy miafina mandritry ny fotoana fohy, mba ho velona. Saingy, izaho—faly aho fa manao an'izany izy ireo. Aza mihevitra mihitsy fa tsy te-hahita azy ireo aho, satria raha izy ireo . . . raha tsy misy olona iray nila ahy hivavaka ho azy ireny, dia ho taiza ny asam-panompoako? Hitanareo? Hitanareo?

5 Fa matetika rehefa hoy ianareo hoe, “Rahalahy Branham, tsy azoko rehefa miantso tahaka an’izany ny olona, nefa—nefa ianao hitsoaka any ho any.” Tsy maintsy manao an’izany aho mba ho velona, hivavaka ho an’ny olona. Ianareo fotsiny tsy . . . Izany dia tsy—tsy toerana anankiray fotsiny izany, eto. Izany dia manerana an’izao tontolo izao. Hitanareo? Ary—ary tena mafy ilay izy. Ary azoko antoka fa azonareo izany.

6 Oh, tena tsara ny maha-Kristiana iray! Tsy fantatro fotsiny izay hataoko raha tsy ho an’i Kristy izany, ary noho izany . . . ary ny manana fikambanana amin’ireo Kristiana, izay, vahoaka iray an’ny Finoana sarobidy mitovy, izay mino an’Andriamanitra ary matoky Azy; ary mino fa amin’ny andro iray be voninahitra dia hamarana an’ity ady ity isika, ka hanana fandresena, ary hijoro voaavotra ao amin’ny fitoviana Aminy, eny amin’ilay ilany hafa.

7 Ary avy eo dia te-hanao filazana fohy iray aho, hoe, amin’ny ho avin’ny tabernakla, sy ny sisa, izaho . . . hanao fanavaozana ny fikambanantsika isika, indrindra ny anjarako ho an’ireo asam-pitoriana. Nandritr’ireo fivoriana rehetra, hatramin’ny nanombohako tao amin’izany, teo amin’ny lafiny evanjelistika, taona maro lasa izay, raha tokony hanao fikambanana iray, hanana vondron’olona hafa iray, dia nampiasa an’ilay vondrona izay fantatro tsara fotsiny aho; ary nanomboka . . . ary nanao fikambanana iray, mba ahafahan’ireo fivoriako rehetra hatao eo ambanin’ny anaran’ny Branham Tabernacle. Ary izany no nampiasaina ao amin’ny Union National Bank any New Albany, izay ahafahan’ireo vola ho voalao—voalao amin’ny alàlan’izany, mba tsy handoavan’izany hetra. Raha tsy izany, dia ho nandoavako hetra ny vola rehetra izay nalaina, raha tsy nampiasa ny Branham Tabernacle ho fikambanana iray aho.

8 Maro taminareo no nandre ahy nilaza an’izany, matetitetika. Tsy maintsy manao an’izany aho, ary mba . . . mba hanaovana an’izany. Ary noho izany—noho izany dia mametraka fikambanana vaovao iray isika ankehitriny. Ary tiantsika ho fantatry ny maro fa izaho . . . Firy no efa mba nandre ahy nilaza an’izany, hoe ireo vola miditra, dia iasako amin’ny alàlan’ny Branham Tabernacle? Atsangano fotsiny ny tãanareo, ny rehetra . . . Azo antoka, ianareo rehetra. Ny rehetra izany.

9 Ary noho izany rehefa mifarana ny fotoana, raha sitrakareo, manana filazana kely iray aho, mba ahafahanareo, raha hanao sonia an’izany ianareo raha mivoaka. Rahalahy Roy Roberson no hanana an’izany ao ambadika ao.

10 Satria, hametraka fikambanana hafa iray isika, zavatra iray ihany, izao fotsiny . . . saingy fikambanana hafa iray, mba hahatonga ny volantsika rehetra sy ny sisa, izay alaina ao amin’ny fivoriana, mitohy tsy misy hetra, ho . . . voapetraka, araka ny mahazatra, ao amin’ny Union National Bank, mba hiasa amin’ny alàlan’ny tabernakla, raha tokony hanana ny—

ny fikam-. . . fikambanana hafa iray. Satria, efa fikambanana iray ity, amin'ny anaran'ny Branham Tabernacle, hitanareo. Ary noho izany raha misy Branham iray *eto* ary Branham iray *etsy*, sy tahaka an'izany, ary fikambanana samihafa dia tsy ho tsara mihitsy izany.

<sup>11</sup> Rahalahy Roberson no hikarakara an'izany, ho anareo izay mankasitraka, raha mivoaka isika. Hankasitrananay izany.

<sup>12</sup> Ankehitriny, izao maraina izao, alohan'ny idirantsika ao amin'ny fotoana, dia tiako ny hilaza, raha sitraky ny Tompo, fa hiezaka aho ny hiverina indray rahariva. Halako ny manala an'ireo fivoriana roa amin-dRahalahy Neville, saingy nangataka ahy tena tamim-pahalalahana hiresaka indray izy rahariva. Ary raha sitraky ny Tompo, dia tiako ny hiresaka rahariva eo amin'ny lohahevitra evanjelistika iray, izao lohateny izao: *Iza Moa Izao? Hitanareo? Iza Moa Izao?*

<sup>13</sup> Ary noho izany izao maraina izao, tiako ny. . . nieritreritra aho ny—ny hiresaka izao maraina izao eo amin'ny lohahevitra iray mikasika ny Fetin'ny Reny. Ary fantatro fa ity tolakandro ity sy ny maraina dia ho feno an'ireo fandaharan'ny Fetin'ny Reny avokoa. Noho izany dia nieritreritra aho fa hanakambana zavatra kely iray, satria te-hivavaka ho an'ny marary avy hatrany isika aorian'ny ifaranan'ity fotoana ity, sy araka ny mahazatra.

<sup>14</sup> Mino isika fa mpanasitrana iray Andriamanitra, ary manasitrana ny marary sy ny ory Izy. Ary fantatro fa manao an'izany Izy. Ary izany dia any ankoatry ny—ny fisalasalana, fa, satria nisy fijoroana vavolombelona maro be nanao antontany, izay fantatsika izany.

<sup>15</sup> Omaly dia nijery tao amin'ny harona iray izay nohazonin-dRahalahy Gene sy Leo fotsiny aho, an'ireo fijoroana vavolombelona izay nentin'izy ireo. Ary harona iray lehibe feno an'ireo fanasitranana malaza, mahagaga izay nataon'ny Tompo ho an'ny olona izany.

<sup>16</sup> Dia nieritreritra aho, raha tahaka an'izany ilay izy, dia ahoana moa raha nanohy nanisa an'izay rehetra niseho isika? Ataoko fa, tany Puerto Rico sy Jamaica, fotsiny, dia nahisa iray alina izahay, na mihoatra, fijoroana vavolombelona malaza, an'ireo fanasitranan'ny Tompo, izay Nataony.

Ankehitriny alohan'ny anokafantsika ny Boky, dia ndao isika hiresaka amin'ilay Mpanoratra.

<sup>17</sup> Tompo, tena mankasitraka Anao izahay, fa izany dia, rehefa manondrika ny lohanay izahay, miankanankana fotsiny izahay ho an'ireo teny ho lazaina; satria tsy mino mihitsy aho fa mipetraka eo amin'ny molotr'olombelona ny haneho an'ireo fahatsapan'ny fon'ny lehilahy iray na vehivavy iray, zazalahy na zazavavy, izay efa mba nifandray Taminao. Ny maneho ny fanompoanay, hoe toy ny ahoana no anompoanay Anao, sy

midika inona aminay Ianao. Izany no nanasaraka anay tamin'ny fahotana, ary izany no nanasaraka anay tamin'izao tontolo izao. Ary izany no nanome anay zavatra izay Mandrakizay sy voatahy. Ary tsy mety mahita teny tena ampy izahay.

<sup>18</sup> Araka ny nolazain'ny lehilahy ambony iray indray mandeha, herinandro vitsy lasa izay, hoe afaka miteny mazava tsara amin'ny fiteny sivy samihafa eo izy, mihazona ny toerany ho mpanolo-tsainan'ny Filohanay maha-te-ho tia, Dwight Eisenhower. Ary na dia mahay miteny fiteny sivy aza, mazava tsara; dia nilaza izy, fa rehefa nandray ny Fanahy Masina izy, dia nanandrana an'ireo sivy rehetra, fa tsy nisy teny izay nety hitany, tsy nisy na inona na inona azony nanehoana, ary noho izany dia nanome azy fiteny vaovao iray Ianao mba hanehoana sy hisaorana Anao. Ary tahaka an'izany no tsapanay, ihany koa, Tompo; hoe, rehefa mifarana ny fiainana, dia hiaraka hiresaka amin'ny fiteny hafa iray angamba izahay, mba ahafahanay maneho an'izay eritreretinay mikasika Anao.

<sup>19</sup> Ankehitriny dia hangataka izahay, Tompo, mba Hitahianao an'ity tabernakla ity, ny pasiterany, ireo mpitantan-draharahany, ireo diakony, ireo mpikambany rehetra, ny olona izay mitsidika eto, miditra sy mivoaka an'ireo varavarana. Enga anie izy ho hita voatokana foana, fialofam-pitsaharana iray, izay ahafahan'ny reraka hiditra ao amin'ny varavarany ka hahita fitsaharana sy fiadanana ho an'ny fanahiny. Ary mba ahafahan'ny marary hiditra ao amin'ny varavarana, ka hivoaka salama, nohon'ny Fanatrehana velona foana an'ilay Andriamanitra Tsitoha Izay mitoetra eo ambanin'ny tafony.

<sup>20</sup> Hangataka izahay, Tompo, mba ao amin'ity fandaharana ho avy an'ny... izay atao ankehitriny, mba Hihaonanao amin'ny komity sy hihaona amin'ny rehetra. Ary raha tena mahafaly Anao izany dia aoka hisy fahatsiarovana mitohy iray an'ilay vavaka izay nivavahana tao amin'ity kamory fahiny ity, sy tanim-bozaka iray, indray andro; izay lasa tranon-jiro iray ankehitriny, fialofam-pitsaharana ho an'ny reraka, nohon'ny valin'izany vavaka izany.

<sup>21</sup> Ankehitriny mamelà anay amin'ny zavatra izay nataonay, na nolazainay, na noeritreretinay, izay nifanohitra tamin'ny Sitraponao lehibe; ary tsarovy, Tompo, fa tsy avy tamin'ny fonay izany. Mety naneho an'izany tao amin'ny fihetsikay fotsiny izahay na teo amin'ny molotray. Fa, haingana mihitsy, dia nandre anay Ianao. Rehefa hitanay fa diso izahay, dia nanaiky ny hiaiky an'izany. Ary izahay dia tena tsy te-hitahiry ao amponay, ny heloka, amin'izay fotoana izay dia fantatray fa tsy hamaly ny vavakay Andriamanitra; fa miaiky tsy ankitsahatra ny fahadisooanay izahay.

<sup>22</sup> Ary hangataka izahay, Tompo, mba Hitahianao, izao maraina izao, ny rehetra manerana ny firenena, raha mankalaza

an'ity fahatsiarovana ny Fetin'ny Reny ity izy. Fa enga anie ity tsy ho—ho fetin'ny reny iray fotsiny; enga anie izany ho isan'andro.

<sup>23</sup> Andriamanitra, ekeo izao maraina izao, mba ireo reny, ireo vehivavy, izay mirenireny lavitra an'Andriamanitra, mba hahatsiaro ny tenany izy ireo, izao maraina izao, ka hahafantatra fa ny dikan'ny teny hoe *reny*, “dia ilay anankiray izay niteraka.” Enga anie izy hahalala fa ireo solofo, avy amin'ny firaisany niaraka tamin'ny vadiny, dia vatosoa kely masina izay napetrak'Andriamanitra teo ambanin'ny fiahiany. Noho izany, dia hihazona azy ho tompon'andraikitra Andriamanitra nohon'ny fitaizany an'ireo ankizy ireo. Ary araka ny lazain'ny Soratra, hoe, “Ny vehivavy tsara, sy ny reny, izay maha-izy azy, dia ireo zanany no hiantso azy hoe notahiana.”

<sup>24</sup> O Tompo, rehefa mahita an'ity andro ity izahay, rehefa tena lasa manalavitra ny Soratra izy ireo, ary mihetsika saiky tahaka ny biby! Mivavaka izahay, Andriamanitra, mba Hanomezanao anay fifohazana iray tamin'ny andro fahiny izay hiantso azy ireo hiverina eo amin'ny toerana tokony hisy azy ireo.

<sup>25</sup> Tompo, izahay dia tsy, velively, hanadino ny hisaotra Anao ho an'ireo tena reny, satria fantatray fa manana tahaka an'izany izahay izay velona androany; tena reny, tena izy. Andriamanitra, tahio izy ireo. Harena lehibe ho anay izy ireo, ka mivavaka izahay mba Hanohizanao homba azy ireo, Tompo, ary enga anie izy ireo hiaina sambatra ka hahita ny vokatr'ireo kibony hanompo an'Andriamanitra.

<sup>26</sup> Ary mivavaka izahay, Andriamanitra, mba ireo izay mitondra raozy fotsy izao maraina izao, na voninkazo fotsy, mba hilazana fa efa lasa any ankoatr'ity sehatrin'ny hetsika androany ity ny renin'izy ireo; enga anie, Tompo Andriamanitra, hitsahatra am-piadanana izy ireo ka ireo asany manaraka azy. Ekeo izany, Tompo.

<sup>27</sup> Ankehitriny dia raiso Ny Teninao, Tompo, ary mitenena amin'ny olona, ka omeo fiononana izy ireo, satria izany no antony iangonanay eto; ny hahatsapa Ny Fanatrehanao, handre Ny Teninao, ka ho voatahy; ary hiala eto ho lehilahy sy vehivavy tsaratsara kokoa, zazalahy sy zazavavy, noho ny naha-izy anay rehefa niditra izahay. Mangataka an'izany izahay amin'ny Anaran'i Jesosy, Zanak'Andriamanitra. Amena.

<sup>28</sup> Tiako ny famakiana Ny Teniny voatahy. Noho izany dia hamadika isika ankehitriny, izao maraina izao, ao amin'ny Bokin'ny Korintiana Voalohany, ary hamaky ampahany iray an'ny toko faha-15, manomboka amin'ny andininy faha-1.

*Ary koa, ry rahalahy, ampahafantariko anareo ny filazantsara izay notoriko taminareo, sy noraisinareo ihany koa, ary izay iorenanareo;*

*Izay amonjena anareo ihany koa, raha azoninareo ao amin'ny fahatsiarovana izay notoriko taminareo, raha tsy nino foana ianareo.*

*Fa natolotro anareo voalohany indrindra izay noraisiko ihany koa, hoe ahoana fa Kristy maty ho an'ny fahotantsika araka ny soratra;*

*Ary dia nalevina izy, ary nitsangana indray izy tamin'ny andro fahatelo araka ny soratra;*

<sup>29</sup> Mety hilaza ianareo hoe, “Rahalahy Branham, lahateny tsy mahazatra iray izany raha ny marina ho an'ny hafatry ny Fetin'ny Reny.” Eny, marina izany. Fa, fantatrareo, Andriamanitra dia tsy mahazatra, ary manao an'ireo zavatra amin'ny fomba iray tsy mahazatra Izy.

<sup>30</sup> Ary heveriko, ireo fisainana, ny amin'ny reny. Ary manana anankiray aho izao maraina izao, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, mbola eto an-tany miaraka amintsika eto. Ary mankasitraka aho ny amin'ny reny. Saingy satria isika dia tokony hanana, ihany koa, fotoam-panasitranana iray, ary tsy nahafantatra fa hiverina indray aho rahariva, saingy nieritreritra aho fa afaka handoko karazan-tsary hafa iray isika.

<sup>31</sup> Tena lehibe ny reny. Fantatrareo, ny olona voalohany izay mandray anareo, ao amin'ity fiainana ity, dia ny reninareo. Tsy misy olona afaka mikasika anareo, satria notorotoronina ianareo, ary izy no mitondra anareo eo ambanin'ny fony. Ary izy no voalohany mahafantatra anareo, sy ny voalohany mba, ao amin'ity fiainana ity, mba—mba hihazona anareo. Noho izany, rehefa teraka ianareo, dia izy no iray amin'ireo tanana voalohany izay mikasika anareo ary mamafa an'ireo ranomaso avy eo amin'ny masonareo. Izy no olona voalohany mikapokapoka anareo sy hitia anareo, ary mibakobako anareo, ao amin'ity fiainana ity, dia ny reninareo. Ankehitriny, heveriko fa tsy misy haja ampy izay azontsika homena ny reny iray.

<sup>32</sup> Ny reny no voalohany miaraka amin'ilay ankizy, ary izy dia manana andraikitra lehibe amin'izay haha-izy an'io ankizy io, izany dia hifototra eo amin'ny fomba izay hampanombohan'io reny io an'io ankizy io eo amin'ny lâlana izay tsy maintsy handehanany. Ny reny no manana ny andraikitra, avy amin'Andriamanitra, hametraka an'io ankizy io eo amin'ny lâlana tsara. Ary heveriko fa izany no antony ananan'ny reny fikasihana kely manokana iray.

<sup>33</sup> Mahafantatra zazalahy iray aho ao amin'ity tanàna ity. Heveriko fa manatrika ny reniny ankehitriny. Saiky eo amin'ny taonako izy. Fa tsy milaza an'izao aho mba handratra an'ilay reny; satria dia manana ratra betsaka izy, tahaka ny reny rehetra. Fa misotro ilay zazalahy, ary misotro betsaka izy. Ary rehefa tena mamono izy, dia mody ao an-trano ary mitsambikina eny ampandriana miaraka amin'ny reniny ary mametraka ny sandriny

manodidina azy. Ary manana zafikely izy. Fa misy zavatra iray mikasika ny kapokapoky ny reny iray, izay toa maka to—toerana hafa iray noho ny azon'ny zavatra hafa rehetra kasihana; izany hoe, ao amin'ity fiainana ity, amin'ny resaka maha-olona.

<sup>34</sup> Fantatrareo, lehilahy iray tahaka an'i Mosesy, izy. . . Raha midera zavatra iray amin'ny toetrany aho, izany dia satria nanana reny iray nirahan'Andriamanitra izy. Fantatrareo fa izy no nivavaka, Jokebeda, ary naniry mafy an'io zazakely io. Ary rehefa teraka izy, dia izy no anankiray izay nibakobako azy, sy namihina azy ary nanao sambofiara iray ka nametraka azy tao anatin'ny alan-jozoro, rehefa vaky ny fony mahantra. Ny zaza keliny tokana, ary izy no—no bota kely malaza indrindra izay nisy teto amin'izao tontolo izao. Ary toy ny ahoana no itiavan'ny reny iray ny zazakely iray! Saingy ny mahita an'ity ankizy hafa kely ity.

<sup>35</sup> Ary avy eo, tao am-pony, dia fantany fa teraka ho an'ny tanjona iray izy, nefa avy eo dia hitondra azy ary hametraka azy ao amin'ilay tena lavak'ireo voay, tao amin'ilay renirano. Tamin'ny finoana no nanaovany an'izany, nahafantatra fa Andriamanitra dia mahay miahly azy; ary mba hamintinana ny fitiavan'ny reny iray, sy ny hetsiky ny toetran'ny finoany. Satria ny finoana dia tsy mametraka ny tenany eo ambonin'ny fasika miletsy an'izay azony jerena; ny finoana dia mijanona am-panajana eo ambonin'ny vatolampy tsy mihetsika an'ny Tenin'Andriamanitra Mandrakizay. “Fa tamin'ny finoana,” hoy ny Soratra, “no nanaovany an'izany.”

<sup>36</sup> Ary ny finoana dia afaka mandray ny toerany eo ambonin'ny vatolampy, mba hikapohan'ireo onja an'ireo fototra, ka mijery mahitsy manatrika ny fahafatesana ary mahafantatra fa hisy vetivety fotsiny izany, saingy ny finoana dia afaka mijery Azy eny am-pitan'ilay ranomasina izay nanao hoe, “Izaho no fitsanganana sy Fiainana,” ka tsy mahare akory ny onja mianjera aza.

<sup>37</sup> Izany no karazana finoana izay nananan'ny renin'i Mosesy. Nampianatra azy izy ary izy no nitaiza azy tao amin'ny lapan'i Farao, nampianatra azy fa izy dia teraka ho an'ny tanjona iray, hoe namaly ny fivavany Jehovah. Ary, izy. . . tsy afaka nahazo mpampianatra iray tsaratsara kokoa izy. Izany no nanampy namolavola ny toetran'i Mosesy.

<sup>38</sup> Mino aho fa Abraham Lincoln no nanao filazana iray tahaka an'izao indray mandeha. . .

<sup>39</sup> Ankehitriny, izaho dia tsy Demokraty na Repoblikana, izaho fotsiny. . . Kristiana iray aho. Satria, heveriko fa ilay ilany iray dia tsy afaka hilaza zavatra iray manohitra an'ilay ilany hafa; fahalòvana izy rehetra. Fa, Abraham Lincoln, araka ny eritreritro, no anankiray amin'ny. . . ary anankiray amin'ireo

Filoha malaza indrindra izay hany nananan'ity Etazonia ity; tafiditra amin'izany i Washington, sy ny sisa.

<sup>40</sup> Fa, Abraham Lincoln dia nanana ny—fanombohana sarotra iray. Nahantra izy. Tsy nanana fototra izy, raha mikasika ny fianarana, na—na zavatra lehibe iray, na vola, na zavatra izay afaka nanampy azy, tahaka an'i Washington. Washington dia mpianatra iray nanana diplaoma, ary izy—nahafantatra izy; lehilahy iray manan-tsaina izy, lehilahy malaza iray, eo ampanombohana. Fa Lincoln dia notezaina tao amin'ny tranobongo hazo iray, teo amin'ireo tany lehiben'i Kentucky, ary tsy nisy tafo teo amin'ilay tranobongo tranainy kely, izay mipetraka ho tsangambato iray eto any Louisville ankehitriny. Fa, satria lehilahy malaza iray izy, ka tsy maintsy nianatra nanoratra, teo amin'ny tany izay niasany, hambolena katsaka.

<sup>41</sup> Fa mety hampita an'izao amin'ireo olona tanora aho. Fantatrareo ve fa Abraham Lincoln dia tsy nanana boky iray mihitsy teo amin'ny fiainany, mandra-pahatonga azy hihoatra ny iraka amby roapolo taona, afa-tsy ny Baiboly sy ny bokin'ireo maritiora an'i Foxe? Hitanareo, izay vakianareo no mamolavola ny toetra izay maha-izy anareo. Tsy mahagaga raha manana andiana marary saina iray isika amin'izao andro izao; ireo magazina ratsy kely an'ny tantara foronina, sy ratsy ary tsy misy dikany, no mipetraka eo ambonin'ireo fivarotan-gazetintsika. Izy dia nanana ny Baiboly sy ny bokin'ireo maritiora an'i Foxe. Jereo izay nataon'izany taminy!

<sup>42</sup> Fa teo anatrehan'io rehetra io, dia nanao filazana tahaka an'izao izy indray andro. Hoy izy hoe, “Raha mba misy zavatra tsara iray hita ato amiko, dia nohon'ny reny masina iray izany,” izay nitaiza azy mba hanompo ny Tompo.

<sup>43</sup> Hitanareo, mihaino ny reniny ny ankizy iray; fikasihana kely iray ny amin'io reny io, no henoin'ny ankizy iray. Rehefa maratra izy, dia handeha hankeo amin'ilay reny izy ho an'ny fampanionana alohan'ny handehanany mankeo amin'ilay ray. Satria, izy no voalohany niaraka taminy, fantatrareo. Ary misy fanomezam-pahasoavana iray izay omen'Andriamanitra ny reny iray, mba ho tahaka an'izany; tena reny iray no tiako lazaina. Ankehitriny, mino aho fa mendri-kaja sy masina ireo reny.

<sup>44</sup> Nefa mino aho, fa ireo Fetin'ny Reny, tahaka an'ity, dia fanambakàna iray, mahazo vola betsaka avy amin'ireo voninkazo sy ny sisa. Fa tokony ho isan'andro ny fetin'ny reny. Tsy hoe mandefa andiam-boninkazo iray ho azy amin'ny Fetin'ny Reny, fa ny tia azy sy mikarakara azy mandritry ny dimy amby enimpolo amby telonjato andro sy alina, mandritry ny taona. Fa, mazava ho azy, ny tontolo ara-barotra no manao fihazonana lehibe ao amin'ireo zavatra tahaka an'izany, ary izany—izany—izany dia mampietry ny reny.



“Oh, eny, tamin’ny Fetin’ny Reny farany dia nandefa andiam-boninkazo iray ho azy aho.”

<sup>45</sup> Hankasitrahany, mihoatra lavitra, ny hipetraka fotsiny ka hiresaka aminy vetivety fotsiny, manoratra andalana iray ho azy, mikapokapoka azy eo amin’ny soroka, manoroka azy eo amin’ny takolaka, miteny aminy fa tianareo izy. Ho lasa lavitra kokoa noho ny voninkazo rehetra izay azonareo vidiana avy eo amin’ily mpivaro-boninkazo izany. Marina izany.

<sup>46</sup> Mino aho fa tao amin’ily Didy Folo, itompokolahy Cecil DeMille, no nanoratra sy nanao an’ily horonan-tsary ho iray amin’ireo sangan’asan’ny tontolon’ny sarimihetsika. Ary talohan’ny nametrahana azy teo amin’ny sehatra, na nandefasana, dia niantso an’i Oral Roberts sy Demos Shakaran i Cecil DeMille, ary andiana mpitoritenin’ny Full Gospel, ka nitondra azy ireo tao amin’ireo trano fiasany manokana ka nampiseho an’ily Didy Folo adiny efatra, ary nanontany azy ireo ny heviny mikasika an’izany. Hampitsahatra ny fanahiny mahery fo anie Andriamanitra!

<sup>47</sup> Ary rehefa nahita an’izany aho, nijery an’izany, dia misy fanamarihana kely foana miraikitra amiko. Raha maro taminareo no nahita an’izany, ilay izy dia rehefa ilay zanakavavin’i Farao... taorian’ny nahitan’i Mosesy fa izy dia—dia Hebreo iray, ary nanapa-kevitra izy ny handeha honina miaraka amin’ny olony. Dia nipetraka teo ny reniny tsara tarehy fahiny, niha-nalazo, niaraka tamin’ny volony fotsy sy tarehy nikipetraka, nipetraka teo amin’ny sezalava tranainy; reny hafakely iray. Dia niditra ny zanakavavin’i Farao. Ary hoy izy hoe, “Zanak’iza moa aho, na ahoana na ahoana?”

<sup>48</sup> Ary rehefa natao mazava ilay izy, hoe Jokebeda no tena reniny. Ny zanakavavin’i Farao, niaraka tamin’ny lokontarehiny sy ny sisa, ary voamboatra tanteraka; hoy izy hoe, “Saingy, jereo! Mety ho zanakao izy, saingy,” hoy izy, “izaho no manome azy harena sy famirapiratana. Ianao tsy afaka nanome azy afa-tsy lava-drihitra.”

<sup>49</sup> Fa hoy ilay reny antitra fotsy volo hoe, “Saingy izaho manome azy fiainana.” Izany no manao an’ily fahasamihafana. “Izaho nanome azy fiainana.” Andriamanitra no nanome azy Fiainana Mandrakizay. Marina toy ny ahoana, ry reny!

<sup>50</sup> Matetika ny olona dia milaza amiko, saiky ao amin’ireo asam-pitoriako foana, fa izaho dia “mitory eo amin’ny fitsanganana tsy ankitsahatra.” Ary namaky lahateny iray aho izao maraina izao, ny toko faha-15 ary ny andininy faha-4 an’ny Korintiana Voalohany, mikasika ny fitsanganana.

<sup>51</sup> Fa, hitanareo, ny fomba ametrahan’izy ireo ny reny amin’izao andro izao, dia vazim-boninkazo mipetraka eo akaikin’ny ramatoa antitra iray, izay antitra ka tsy afaka mitsangana, angamba, ary malemy, sy fotsy volo, sy mikentrona, ary

mipetraka ao amin'ny sezalava iray. Tena marina mihitsy izany. Saingy te-haka ny lohahevitro aho ary handoko sary hafa iray hoe inona ny reny.

<sup>52</sup> Hoy ny olona iray hoe, “Mitory be loatra mikasika ny fitsanganana ianao. Ny ankamaroan'ny Hafatra rehetra dia misy zavatra mikasika ny fitsanganana.”

<sup>53</sup> Nahoana, azo antoka. Izany no—izany no toeram-pitsaharana fototra an'ny Filazantsara. Tsy mampaninona izay Nataony, raha tsy nitsangana tamin'ny maty Izy, amin'izay fotoana izay dia foana ny rehetra amin'izany. Izany, ho ahy, no manaporofa fa Andriamanitra Izy. Manaporofa ny fanambarana tsirairay izay Nataony; ny fitsanganana! Ary izany ihany koa no toeram-pitsaharan'ny fanahy. Izany no fototra iaingana. Izany no fampisalorana ny fampiononantsika.

<sup>54</sup> Ary rehefa hitantsika fa nitsangana tamin'ny maty Izy, dia izany no mametraka antsika, miaraka amin'ny fiadian'ny Filazantsara, eo amin'ilay lohan'ady, mba haka an'ilay toerana, mba hiady. Satria, fantatsika fa hoy Izy hoe, “Izay mahavery ny ainy nohon'ny Amiko no hahita azy indray.”

<sup>55</sup> Ary heveriko fa izany no fampisalorana lehibe an'ny Full Gospel, dia ny fitsanganana, ary ireo teny fikasany Masina, sy ny fampiononana izay omeny an'ireo izay matoky an'izany. Satria, izany dia mampanantena an'ilay firaisana lehibe an'ny fikambanantsika miaraka indray. Izany no mampanantena, ary ny—ny fanjavonan'ny fahotana rehetra. Izany no mampanantena ny fanjavonan'ny fahasimbàna rehetra, ny fijaliana rehetra izay nananantsika tao amin'ity, tsy maintsy nandalovana, tao amin'ity fiainana ity. Izany no mampanantena, ary ny fanjavonany rehetra. Izany no mampanantena fa na dia ny fahafatesana aza dia hahavery ny fihazonany, ka hitsangana ao amin'ny fitoviana amin'i Jesosy isika. Noho izany, araka ny hevitra, dia ny fitsanganana no lehibe indrindra amin'ireo teny fikasana rehetra ao amin'ireo zavatra ny Soratra. Eo no nanisiany tombokase an'izany.

<sup>56</sup> Ary tamin'ny Paska farany, rehefa nitory teo amin'ireo zavatra dimy aho hoe:

Velona, nitia ahy Izy; maty, namonjy ahy Izy;  
Nalevina, nitondra ny otako lavitra Izy;  
Fa, nitsangana, nanamarina maimaim-poana  
mandrakizay Izy.

<sup>57</sup> Izany ilay Andro ho ahy, io Andro lehibe indrindra amin'ny andro io! Ary ny mahita an'izay ho dikan'izany, ho antsika rehetra, ao amin'ny fitsanganana, raha miasa mafy sy miandry an'io Andro vokatany amin'ny andro io isika!

<sup>58</sup> Izany no manome antsika ny teny fikasana fa indray andro any ireto reny antitra, reraka, malemy, fotsy volo, trotraka ireto

dia hovaina. Tsy ny reny fotsiny ihany no hipetraka any, irery, fa ny fianakaviany rehetra miaraka aminy.

<sup>59</sup> Ary ho andro iray toy ny inona izany! Ho fotoana iray toy ny inona izany, rehefa mijery ny endrik'ireo izay notiavintsika fatratra isika! Fahasamihafana iray toy ny inona amin'io maraina io, rehefa hahita an'ireo malalantsika isika, sy—sy handinika an'izay haha-izy azy ireo amin'izay fotoana izay! Ho esorina ireo fahoriana rehetra. Ho vita ireo fahasorenan'ny fijaliana rehetra. Tsy hisy takolaka hatsatry ny fahafatesana intsony. Tsy hisy ranomaso intsony eo amin'ny maso. Ny fitsanganana no mampanantena an'izany rehetra izany. Tsy hisy fandevenana intsony. Tsy hisy fikapokapohana ny zazakely eo amin'ny takolaka intsony, izay tahaka ny singam-bato iray; rehefa manosotra ilay mpikarakara faty, ka manamboatra sy mandoko, sy ny sisa, mba hitovy amin'ny ara-boajanahary. Tsy ho ilaina intsony indray izany, any.

<sup>60</sup> Noho izany dia mieritreritra ny amin'ny ahitantsika azy ireo mitsangana any aho, ireo malalantsika, ireo renintsika, ireo havantsika, ireo sakaizantsika rehetra; ary ny mahita azy ireo amin'ireo vatany tsy mety maty, ireo vatan-danitr'izy ireo; mandinika ny toetran'izy ireo, mahita hoe ahoana no itondran'izy ireo ny tenany miaraka amin'ny fahamorampanahy sy filaminana, tsy misy fikorontanan-tsaina na fahakiviana intsony. Ny mahita azy ireo amin'izay fotoana izay mitsangana ao amin'ny fitoviana amin'ny Tompo Jesosy, ho andro iray mahafinaritra izany.

<sup>61</sup> Ary ny tsirairay avy amintsika, ao amin'ny fisainantsika, dia manantena sy maniry fatratra an'io oran'ny fampiononana io, rehefa mihaona amin'izy ireo isika. Ny tsirairay avy dia mieritreritra an'ireo malalany, angamba ny renin'izy ireo izay efa lasa. Ary ho andro iray toy ny inona izany, rehefa mahita azy indray ianareo! Ary ho an'i dada, sy ho an'ny rahalahy, ary ho an'ny. . . ireo malala rehetra, ho andro iray toy ny inona izany!

<sup>62</sup> Izaho dia mieritreritra, ihany koa, izao ankehitriny izao. Mieritreritra ny fianakaviako aho, hidika inona ho ahy izany amin'io Andro io.

<sup>63</sup> Mieritreritra aho fa, amin'io marainan'ny fitsanganana io, ny olona voalohany izay ho tonga hitsena ahy angamba dia i Sharon keliko. Tsia, tsy hangovitra izy. Tsy afaka miditra ao amin'io toerana io ny devoly. Tsy misy meningite afaka hany hikasika an'io Tany io. Tsy hikopakopaka hanao veloma ahy izy. Ireo maso kely, manga dia handihy raha manatsotra ny sandriny izy ka mihiakiaka hoe, “Dada!” Ho faly aho hahita azy, ny mahafantatra fa tsy ho faty intsony indray izy; ny mahafantatra fa tapitra ny rehetra, izany no antony itoriako mafy mihitsy ny fitsanganana.

64 Avy eo dia hahita ny reniny aho, ny renin'i Billy, zanako lahy. Ary manana fahatsiarovana betsaka eo mihitsy aho izay mitohy maharitra. Tsaroako rehefa nitondra azy aho; na Atoa. Combs, eto, no nitondra azy ho an'ny fitsangatsanganana farany, ary izaho nanaraka azy, tao amin'ny fiara iray. Raha nandeha teo amin'ny Seventh Street izahay, teo mihitsy; Billy, valo ambin'ny folo volana.

65 Ahoana fa nentin'izy ireo teny an-dàlambe izy, ary namela azy hijery azy. Ary nandry izy ka nitomany, ary nijery ny zazakeliny, saingy tsy afaka nanakaiky azy.

66 Ary avy eo teo amin'ny làlany nankany, dia tonga ilay mpikarakara faty ka nandeha teo amin'ny—ny—ny Seventh Street. Mama eto no nikarakara azy tamin'ilay fotoana. Ary nitsangana teo an-tokontany izy, niaraka tamin'ny pataloha fohy kely bitika, sy satroka kely mena iray nosintonina nankany amin'ny ilan'ny lohany. Ary rehefa io reny io, izay nandry teo ambonin'io fandria-marary io, tao aorian'ilay fiara mpitondra marary, nandinika ahy, rehefa nahita ny zazakeliny nitsangana teo an-tokontany izy, nahafantatra fa teo am-panaovana ny fitsangatsanganany farany izy; dia nitsangana avy teo amin'ilay fandria-marary izy ka nihiakiaka, ary nanatsotra ny tànany efa taolana sisa, mba hanoroka ny zazakeliny teo an-tokontany. Saingy tsy afaka nahazo azy izy.

67 Oh, ho fifaliana iray ny hahita azy amin'io andro io. Tsia, tsy hanana tànana taolana sisa intsony izy, na ireo takolaka hilentika. Fa hitsangana ao amin'ny hatsaran-tarehin'ny lanitra an'ny mpanjakavavin'ny Lanitra iray izy, sy an'ny reny. Ireo masonry mainty, tena mainty tahaka ny elatry ny goaika, dia handihy amin'ny fifaliana. Tsy hanjoko intsony izy; any, dia tsy hiditra mihitsy ao amin'io Tany io ilay devolin'ny TB. Fa, tsy mety maty, no hitsanganany ao amin'ny fitoviana Aminy.

68 Heveriko, amin'izay fotoana izay, fa ilay manaraka ho avy hihaona amiko dia i Edward, izay nantsoinay hoe “Humpy,” ho an'ny fanafomezana anarana. Izy no fitohizana voalohany amin'ilay rojo laharan-tsivy goavana, rojon'ny fianakaviana Branham. Izy no fitohizana voalohany tapaka; ilay anankiray manaraka ahy. Hahita an'i Edward hihazakazaka hankeo amiko aho. Kanefa, maty izy raha mbola zazalahy iray, sivy ambin'ny folo taona. Ary rehefa handray azy amin'ny tànany aho, dia azoko antoka fa hanana zavatra betsaka ho resahana izahay, ny amin'ny naha-zazalahy, satria mpinamana izahay. Miraikitra miaraka izahay. Namela ahy hanao ny palitaony izy, sy—sy—sy ny sisa, tahaka ny nataon'ireo tena mpirahalaly. Ho fifaliana iray ny hahita azy indray.

69 Ary handre azy hilaza zavatra tahaka an'izao aho, “Voarainao ve ny taratasiko, Bill? Niasa teo amin'ny toeram-piompiana iray ianao, tamin'ny fotoana nialako teto an-tany. Fa

tany amin'ny hopitaly, dia nandefa taratasy aho hoe, "Teneno i Bill fa mety tsara ny zavatra rehetra."

Ho faly aho hilaza hoe, "Eny, voaraiko ny taratasinao, teny amin'ilay ahi-maitso."

<sup>70</sup> Avy eo, heveriko, fa ny dadako no ho tonga manaraka. Izy no fitohizana manaraka nandeha, ary . . . Tsia.

<sup>71</sup> Heveriko fa i Charles no fitohizana manaraka, rahalahy tanora iray. Tratry ny lozam-piarakodia izy raha mbola zazalahy kely iray fotsiny. Nitaritarika ny ranjony havanana foana izy, raha namindra. Fa, fantatrareo, rehefa hahita azy aho, dia tsy hitaritarika an'io ranjo io intsony izy. Ho voavoatra tanteraka izany, hitsangana ao amin'ny famirapiratan'ny lehilahy tanora iray izy.

<sup>72</sup> Ary hilaza amiko izy, zavatra tahaka an'izao, raha mitsiky izy. Hilaza izy hoe, "Eny, Bill, tsy misy loza intsony eto ambony eto. Ary tsaroako ilay hariva talohan'ny nahavo ahy tao amin'ilay lozam-piarakodia, niresaka tamiko ianao, nitsangana teo amin'ilay mivohitra kelin'ny tranokelintsika manetry tena," ary mijery ny eo an-tampony aho, izao ankehitriny izao. "Niresaka tamiko mikasika ny Tompo ianao, ora vitsy fotsiny talohan'ny nahalasanana. Ary teo amin'ny polipitra ianao nitory teny rehefa lasa aho."

<sup>73</sup> Avy eo dia ho tonga i dada. Oh, toa hitako izy. Na dia nanome ahy kapoka mafy aza izy, izay nilaiko marina tokoa, saingy hahita an'io volon-doha mainty matevina io aho, mamiratra noho ny hatramin'izay, amin'io andro io. Ary hijery ahy izy, ka hanao hoe, "Ry zanakolahy, fantatrao, tsy hitsangana hiala eto amin'ny latabatra eto i Dada, intsony, noana, hamela an'ireo zanany hihinana, fa manana betsaka isika eto. Tsy misy ilaina iray intsony eto."

<sup>74</sup> Ny mahita azy rehefa niasa izy, ary dimampolo na dimy amby fitopolo cents isan'andro, ary avy eo dia niala teo amin'ny latabatra mba ahafahan'ireo zanany hihinana, niverina niasa indray. Ary tena niasa mafy izy hany ka may tao amin'ny lamosiny ny somizony, ka i mama no nanapaka azy hiala tamin'ny hety iray.

<sup>75</sup> Handre azy hilaza zavatra tahaka an'izao aho hoe, "Bill, tsaroanao ve ilay hariva izay nahatongavanao sy Rahalahy George hivavaka ho ahy rehefa teo am-pahalasanana aho? Fantatrao, niteny tamin'i mama aho fa nisy Anjely fotsy roa nitsangana teo amin'ny fandriana, ary anjely mena iray teo an-tongotra. Ary niezaka hitondra ahy ilay anjely mena, saingy nitsangana teo anelanelany ilay Anjely fotsy. Farany dia nitondra ahy tany an-Trano izy ireo."

<sup>76</sup> Avy eo, ihany koa, ny manaraka tao amin'ilay fitohizana handeha, na nandeha, dia i Howard no ho avy. Hahita an'i Howard aho; raha mpisakaiza niaraka izahay nanerana ny

firenena, hatraiza hatraiza; nantsoina ho mpitoriteny iray; olona malaza, saingy ireo mpiara-miasa aminy no nanakana azy. Ny resaka farany nataoko taminy, dia hoy izy hoe, “Rehefa lasa aho, Bill . . .”

<sup>77</sup> Izaho—nahita azy lasa aho, tamin’ny alàlan’ny fahitana iray, teo amin’ny efa-taona talohan’ny nandehanany. Niteny taminy aho fa nahita an’i Papa nanondro ny fasany ka nilaza fa io no manaraka.

<sup>78</sup> Dia hoy izy hoe, “Misy zavatra anankiray izay tiako ataonao ho ahy.” Hoy izy hoe, “Namotika ny fiainako aho. Efa nanambady aho sy ny sisa. Izaho—tsy fantatro izay nitranga.”

Hoy aho hoe, “Mino Azy ve ianao, ry Howard?”

<sup>79</sup> Hoy izy hoe, “Amin’izay rehetra ato amiko, no inoako Azy.” Teo amin’ny roa na telo andro talohan’ny nandehanany, dia nanao ny filaminany tamin’Andriamanitra izy, niaraka tamin-dRahalahy Neville sy izy ireo tany. Ary hoy izy hoe, “Misy zavatra anankiray izay tiako ataonao. Rehefa lasa aho, ry Bill, dia asaivo mihira ho ahy izy ireo hoe, *‘Hahazo Izy, Ka Hilaza Hoe, ‘Tsara Izany.’*”

<sup>80</sup> Mino aho, fa alohan’ny handraisako ny tànan’i Howard, dia handre azy mijanona aho ary hijery ahy, ka hanao hoe, “Bill, nahazo Izy.”

<sup>81</sup> Aorian’izany, dia ho tonga i Rahalahy Seward, Rahalahy Frank Broy, Rahalahy George DeArk. Oh, midika zavatra betsaka ho ahy ny fitsanganana. Manantena an’io ora fampisalorana malaza io aho. Ary raha manomboka miparitaka ilay Hazavana, “Hahafantatra tahaka ny ahafantarana antsika isika.” Hahazo isika, ary—ary hahatsiaro an’ireo olo-pantatsika tsara sy ireo—ireo olona izay efa any.

<sup>82</sup> Ary—ary maro, hisy maro any izay tsy noeritreretintsika ho any akory aza. Satria, fantatrareo, amin’io fotoana io, no inoako fa “ny mofo izay natsipintsika teo ambonin’ireo ranon’olombelona, nanahirana, dia hiverina amintsika amin’io Andro io.” Rehefa mahita an’ireo fiantraikan’ny fijoroantsika vavolombelona isika, teo amin’ireo olona izay tsy azontsika ireo fihetsiny nanoloana an’Izany, ho any angamba. Ho Andro iray toy ny inona izany!

<sup>83</sup> Ary avy eo, ihany koa, ireo voa izay nafafintsika, tsy nieritreritra akory aza izay hataon’izy ireo, saingy indro izy ireo. Namokatra voa sarobidy izy ireo, ary hahita azy ireo isika amin’io Andro io, ireo malala sy havana maditra.

<sup>84</sup> Ary mieritreritra an’ireo an’arivony izay hitako niova fo aho, eny, amin’ny an-tapitrisany ankehitriny, mandeha, ary izany no asam-panompoan’izy ireo. Oh, hila mihoatra noho ny fitsanganana iray izany. Hila Mandrakizay iray izany, mba

hihodinkodinana, handray tàmàna sy hahita an'ireo zavatra izay tsy fantatro ankehitriny.

<sup>85</sup> Hisy an'ireo reny antitra fotsy volo, izay itondranareo an'ireo voninkazo fotsy androany, izay hahita anareo, ary ho tsara tarehy izy ireo. Tsy voaseho amin'ny alàlan'ny vazim-boninkazo, na sary iray an'ny olona antitra iray fotsy volo; fa ao amin'ny fitoviana sy hatsaran-tarehin'ny fitsanganana, no hitsanganan'izy ireo amin'ny fitoviana amin'i Kristy, ireo vatan-danitr'izy ireo, tanora sy tsara tarehy mandrakizay. Azo antoka, izany no fitsaharana. Izany no Fetin'ny reny izay andrasako. Izany no fampisalorana. Tsy ilay vonim-boninkazo eo amin'ny vozom-palitaò, fa fampisalorana ny fanahy, satria nanova azy Andriamanitra!

<sup>86</sup> Mieritreritra ny reniko manokana aho, antitra sy malemy, ary mangovitry ny paralysisa. Tsy hanao an'izany izy amin'io Andro io. Ho hafa ilay izy amin'izany fotoana izany. Ary manomboka miparitaka ilay Hazavana lehibe, raha manomboka mijery manodidina isika, ka ho lasa lehibe kokoa sy lehibe kokoa ary lehibe kokoa ilay faribolana lehibe. Hampitaratra ny fanatonan'i Jesosy daholo fotsiny izany. “Ary afaka kelikely,” araka ny nolazain'ilay hira hoe, “dia hahita an'i Jesosy aho amin'ny farany.”

Hiandry ahy Izy,  
 Jesosy tena tsara fanahy sy mahatoky,  
 Eo amin'Ny Seza fiandrianany tsara tarehy, no  
 Handraisany ahy any an-Trano  
 Rehefa tapitra ity andro ity.

<sup>87</sup> Amin'izay fotoana izay raha mahita Azy isika, dia tsy ho tahaka antsika ankehitriny isika. Isika dia—hahafantatra isika hoe toy ny ahoana no itiavana Azy kokoa. Tsy hihemotra miaraka amin'ny tahotra kely iray isika; satria, hitovy Aminy isika. Eny, ho havana iray kokoa amintsika Izy mihoatra noho ny maha-izy Azy ankehitriny. Hahazo Azy tsaratsara kokoa isika. Satria, tena lasa lavitra isika, ao amin'ireo vatana mety maty; noho izany dia hanana vatana iray tahaka ny Vatany be voninahitra isika. Ho fantatsika hoe ahoana no hanompoana Azy. Ary rehefa hitantsika hoe inona no nataon'ny Fanatrehan'Ny Vatany tamintsika, nanova antsika; ilay antitra niverina tanora, ny sampona rehetra voahitsy. Oh! Hahazo isika amin'izay fotoana izay hoe nahoana no nanasitrana antsika ny Heriny.

<sup>88</sup> Ireo fanontaniana izay tao an-tsaintsika hoe, “Ahoana no Ahafahany manao an'izany? Ho inona *ity*?” Na ahoana na ahoana, am-pahagagana, dia halazo izy ireo. Ireo vona izay efa nifatotra tao an-tsaintsika hoe, “Ho izany ve ity? Ahoana no hampety an'izany?” Na ahoana na ahoana, na hafa, ireo rantsan-tàmàna mahagaga no hanakorontana, hamahavaha an'ireo vona

ireo, ka hilentika ao amin'ny satroboninahitra goavana iray an'ny fitiavana izany.

<sup>89</sup> Amin'izay fotoana izay dia hahita Azy isika. Amin'izay fotoana izay dia hitovy Aminy isika. Amin'izay fotoana izay dia hanompo Azy isika. Amin'izay fotoana izay dia hahita an'i neny arak'izay itiavan'Andriamanitra azy isika.

Tsy ho feno i neny Any raha tsy misy ny fianakaviany.

<sup>90</sup> Satria, ny fotoana lehibe indrindra an'ny fiainany manontolo dia ny hahita an'ireo zanaka manodidina ny latabatra, ary izy rehetra ireo dia salama sy sambatra; ary—ary—ary ny mahita azy mandraraka kafe, na inona na inona ataony, ary mikarakara ny sakafo hariva, ary izy sy dada mipetraka. Nahoana, izany no fotoana sambatra indrindra amin'ny fiainan'i mama, mahita an'ireo ankiziny rehetra ao an-trano.

<sup>91</sup> Ankehitriny, aza diso, aza diso an'io Andro io. Aoka hiraikitra miaraka ilay rojon'ny fianakavianareo, isaky ny fitohizana. Aoka ho ao anatin'ny kodiarana ny tanamasoandron-kodiarana rehetra. Amin'izay fotoana izay rehefa mipetraka miaraka amin'ireo fianakaviansika sy vondrontsika isika, manerana an'ireo sezalavan'ny Mandrakizay, dia ho Andro iray toy ny inona izany! Amin'izay fotoana izay dia hahazo isika.

<sup>92</sup> Izy no nampanantena an'izany, ao amin'ny Apokalypsy 1, izay Voalaza, hoe, “Sabatra roa lela iray no nivoaka ny Vavany.” “Izy dia nantsoina hoe ny Tenin'Andriamanitra.” Ary izany dia avy amin'ilay molotra iray ihany, izay nilaza hoe, “Izaho ilay velona, izay efa maty; ary velona mandrakizay Aho.” Avy amin'ireo molotra ireo ihany, ao amin'ny Masindahy Jaona 6, telopolo-...izao no lazainy, hoe, “Tsy hahavery na inona na inona Aho, fa hanangana azy indray amin'ny andro farany Aho.” Izy no nanao ny teny fikasana; ireo molotra sarobidy ireo ihany. Izy no Anankiray Izay mamonjy antsika, Izay manasitrana antsika, Izay nanavotra antsika, ary Izay hanangana antsika amin'ny andro farany.

<sup>93</sup> Raha ianareo io fitohizana kely malemy izay nampisaraka an'io fikambanam-pianakaviana lehibe io amin'io Andro io, dia enga anie ilay Andriamanitry ny Lanitra, izao maraina izao, na ahoana na ahoana amin'ny fomba mahagaga iray, hamahavaha an'ireo vona kely izay nifatotra tao an-tsainareo ireo, ka hanambara aminareo ny fitiavana izay Ananany ho anareo, ary enga anie ianareo ho avy am-pahamoram-panahy hanompo Azy.

Raha mbola mieritreritra an'ireo zavatra ireo isika, dia ndao isika hivavaka.

<sup>94</sup> Alohan'ny hivavahantsika mihitsy, ka manondrika ny lohanareo ianareo, dia hanontany anareo aho. Ho tianareo ve, eo amin'ity Fetin'ny Reny ity, ny hanolotra indray ny fiainanareo ho Azy, manantena an'io fitsanganana io? Hanangana ny



tànanareo Aminy ve ianareo? Raha mbola ny tsirairay avy... Andriamanitra hitahy anao.

<sup>95</sup> Hisy mpanota iray ve izay manatrika ankehitriny, hilaza hoe, “O Andriamanitra, tsy mbola nampirakitra ny tenako tao amin’io fitohizana io aho. Izaho ilay banga iray izay tsy tao rehefa hijery ao amin’ny Voninahitra i neny. Tsy ho any aho, satria tsy mbola nanao ny filaminako tamin’Andriamanitra. Tsy manana ny fanantenan’ny Fiainana Mandrakizay aho ato amiko. Fa androany aho—te-hanao an’izany aho”? Hanangana ny tànanareo ve ianareo, hanao hoe, “Mivavaha ho ahy, Rahalahy Branham, amin’ity fotoana ity. Te-ho tsarovana ao amin’ny vavaka aho, satria manana malala aho any am-pitan’ily ranomasina, ilay ranomasin’ny Fiainana, ka te-hihaona amin’izy ireo aho”? Atsangano ny tànanareo.

<sup>96</sup> Na olona iray izay miverin-dàlana, ka te-hiverina amin’ity andro ity, ary hanao hoe, “Tompo, manokana ny tenako indray ho Anao aho; tonga mba hanavao ny fanekeko Aminao,” hanangana ny tànanareo ve ianareo?

<sup>97</sup> Rainay any An-danitra, raha manatona ilay izy, ity andro ity dia hanao andro iray akaiky kokoa an’io zava-mitranga lehibe io. Ary voatery fotsiny izahay, isan-taona, ny hahita an’izao ho voaseho.

<sup>98</sup> Tahaka an’ireo olona nandeha niakatra tany Jerosalema fahiny tamin’ny Andron’ny Pentekosta, ary ho fanadiovana ny tabernakely sy ny toera-masina, ary—ary ny fanaterana ny fanatitra ho an’ny ota; isan-taona dia nampahatsiahivina izy ireo, rehefa maty tany io zanak’ondry io, hoe ho avy ny fotoana iray izay hahafatesan’ily Zanak’ondrin’Andriamanitra, hampisarakana ny fahotana. Isaky ny nibarareoka io biby kely io, ka nifafy teo nanerana ny tànan’izy ireo ny rà, dia nampahatsiahivina izy ireo fa hisy fotoana iray izay hahaeo an’ily Zanak’ondrin’Andriamanitra, izay hiantsoantso hoe, “Eli, lama...? Eli, lama...?” eo amin’ny hazo fijaliana.

Mivavaka aho, Andriamanitra, mba raha mijery izahay androany ka mahita fa...

<sup>99</sup> Herinandro vitsy lasa izay, talohan’ny nialàna tao amin’ny Fivorianao, ho any California, ity Indiana ity dia foana sy maty, ary tsy nisy aina, toa tahaka an’izany. Maty ireo voninkazo tamin’ny lohataona lasa. Niendaka tamin’ny hazo ireo ravinkazo. Ary nandeha tao amin’ireo faka ilay tsiron-kazo teo amin’ireo hazo, ary maty ny zavatra rehetra.

<sup>100</sup> Fa nisy vanim-potoana iray rehefa nanomboka namiratra tamin’ny fomba hafa iray ny masoandro. Ilay masoandro iray ihany izay namiratra tamin’ny ririnina, saingy ireo singa no niova ary hafa no fihiratany. Ary tamin’ny alàlan’ny fihiratan’ny masoandro, niaraka tamin’ireo singa, no nivoaka ny aina, hatraiza hatraiza. Niverina teo amin’ireo hazo indray ireo ravin-

kazo. Ny ravin-kazo. . . Ilay aina izay niala tamin'ny ravina, fa nihintsana ilay ravina, saingy ilay aina nandeha nankao amin'ny tany; niverina indray tao amin'ny hatsaran-tarehy vaovao izy, tao amin'ny famirapiratan'ny hatanorana. Ilay voninkazo izay nandao ny—ny fameroverony, izay nandao ny hatsaran-tarehiny miramirana ka nilatsaka tamin'ny tany; teraka, nivoaka tao amin'ny hatanorany indray, niaraka tamin'ny famerovero vaovao iray.

Mampahatsiahy anay inona izany, Tompo, amin'ireto ora ireto?

<sup>101</sup> Ary izao tontolo izao dia lasa avy ao amin'ny tany efitra manjombona, malahelo iray, mankao amin'ny paradisan'ny hatsaran-tarehy, ka mihira ireo tantely sy ireo vorona, ary mazava fo ny zavatra rehetra, ary ireo hazo dia—dia mikopakopaka eny amin'ny rivotry ny tsio-drivotra mafanan'ny lohataona. Hafanana sy fifaliana no teto an-tany indray, noho ilay masoandro, m-a-s-o-a-n-d-r-o.

<sup>102</sup> Fa indray andro any dia ho avy ilay Z-a-n-a-k-a miaraka amin'ny fanasitranana eo amin'ny Elany, ary ireo aina kely izay niafina tahaka an'ilay tsiron-kazo tao amin'ilay hazo, tao anatin'ny tany, tahaka an'ilay—ilay aina izay tao anatin'ny voan'ilay voninkazo, dia hivoaka amin'ny fanavaozana indray izany, tsy halazo intsony. Oh, toy ny ahoana no isaoranay Anao ny amin'izany!

<sup>103</sup> Ary nisy tàmàna maro, maro no nitsangana izao maraina izao, satria fantatr'izy ireo fa any ankoatr'ilay lamban'efitra any, dia misy zavatra iray. Maniry mafy ny hahita an'i neny izy ireo. Maniry mafy ny hahita an'ireo malalany sy ireo olopantany izy ireo, ary hahita an'ireo zava-miafina rehetra ireo, sy ahoana no mahatonga azy ireo eto, ary nandritry ny fotoana rehetra. Mipetraka ao ambadik'ilay lamban'efitra miafina izany. Fa indray andro any dia ho avy Ianao. Ary nanangana ny tàmàny izy ireo; izy ireo—izy ireo—izy ireo—te-hanana antoka izy ireo, Tompo. Manavao ny tenany indray izy ireo, ary toy izany koa aho. Ampio izahay ankehitriny, Tompo. Avaozy ny finoanay sy ny herinay.

<sup>104</sup> Ary raha mahatsapa ny fanatonan'ny Tompo izahay. Ary ireo efaolo taona farany, dia nivoaka ny pentekosta vaovao iray teto an-tany. Manomboka manambara an'ireo zavatra ny Fanahy. Ary indro izahay eo amin'ilay famantarana farany, mialoha indrindra ny Fihaviana. Fantatray fa akaiky ny fanatonan'ny Tompo. Ary hitanay fa lasa salama avy tamin'ny aretany ny marary, izay efa mahagaga ho an'izao tontolo izao, nandritry ny roa arivo taona, hatramin'ireo apostoly. Fa eto dia miseho indray izany, mipoitra ireo mpaminany, miseho ireo Anjely, famantarana ary fahagagana. Inona izany? Akaiky ny fitsanganana. Avy ilay Z-a-n-a-k-a.

<sup>105</sup> Aoka ho vonona izahay, Tompo. Aoka izahay hamihina ny teny fikasana Masina rehetra; tsy mieritreritra ny amin'ireo vona kely izay nangonin'ny siansa, sy ny sisa, hoe tsy mety hiseho izany. Aoka izy ireo hanomboka hamahavaha, izao maraina izao, amin'ny alàlan'ilay tsy mety maty...[Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]...raha manovitrovitra manerana an'ireo Tenin'ny Baibolin'Andriamanitra Izy, tahaka ny zava-maneno tsara rindra, mba hihira an'ilay bàn-kira hoe, "Izaho Ilay efa maty, ary velona mandrakizay." "Vetivety foana, dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao; kanefa ianareo no hahita Ahy." "Satria homba anareo Aho, ho ao anatinareo mihitsy aza, hatramin'ny faran'izao tontolo izao." "Ary izao no hiseho amin'ny andro farany, hoy Andriamanitra, fa handatsaka Ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra Aho; ireo famantarana sy fahagagana; ireo lahy antitra hanonofy nofy, ary ireo lehilahy tanora hahita fahitana," ny famantaran'ny fara-orana sy ny andro farany. Aoka ho tsapa eo anivonay izany, izao maraina izao, Tompo, ary enga anie ho voaaro ny finoanay. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.



*NY FETIN'NY RENY* MAG59-0510M  
(Mother's Day)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany tamin'ny Fetin'ny Reny, ny Alahady maraina, 10 May, 1959, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2018 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS  
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.  
[www.branham.org](http://www.branham.org)

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS  
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.  
[www.branham.org](http://www.branham.org)